



IRAKA MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA  
AVY AMIN'NY VONDRONA EUROPEANA  
MADAGASIKARA 2013



## FAMPITAM-BAOVAO HO AN'NY MPANAO GAZETY

### Naneho tamin'ny fomba demokratika ny finiavany hiala amin'ny krizy ny vahoaka malagasy

Antananarivo, faha-26 Febrero 2014 – Androany dia nampahafantarain-dRamatoa lefitry ny lehiben'ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Europeana (MOE UE), Sandrine Martins Espinoza, nandritra ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety, ny tatitra raikitra mikasika ny fifidianana teto Madagasikara.

Nigadona teto Antananarivo ny faran'ny volana Septambra 2013 ny MOE UE noho ny fanasan'ny Governemantan'ny firaism-pirenena azy. Nitoetra teto Madagasikara nandritra ny efa-bolana teo ho eo ny MOE UE mba hanao tombana ny fizotry ny fifidianana araka ny lalàna malagasy sy ny fenitra ary ny fepetra iraisam-pirenena mikasika ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara.

Maherin'ny zato ny isan'ny mpanara-maso avy amin'ny firenena miisa 27 amin'ireo 28 mandrafitra ny Vondrona Europeana, miaraka amin'i Norvezy sy Soisa, ary ireo solontenam-panjakana vahiny miasa eto Antananarivo izay naely manerana ny Nosy.

Ramatoa Sandrine Martins Espinoza, dia maneho fankasitrahana manokana ny fihetsika mendrika nasehon'ny olom-pirenena malagasy, izay nirohotra namonjy ny birao fandatsaham-bato tao anatin'ny fahatoniana na teo aza ny indro kely, hoy ny mpandrafitra. Dingana iray manan-danja ho an'ny fizotry ny fivoahana amin'ny krizy ny fifidianana filoham-pirenena sy solombavambahoaka tamin'ny 2013.

Ny MOE UE dia maneho fankasitrahana sy fisaorana mitafotafo ho an'ireo rehetra nanampy sy nanolo-tanana azy : ny manam-pahefana isan-tsokajiny eto amin'ny firenena, ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ho an'ny tetezamita (CENI-T), ny Fitsarana manokana misahana ny fifidianana (CES), ireo antoko politika sy ireo mpilatsaka hofidiana rehetra, ireo singa mandrafitra ny fiarahanonim-pirenena, ny delegasionan'ny Vondrona Europeana eto Madagasikara, ireo solontenan'ny firenena mpikambana ao amin'ny Vondrona Europeana ary ireo masoivoho hafa. Ny MOE UE dia misaotra manokana ny olom-pirenena malagasy sy ireo mpikirakira ny fampahalalam-baovao noho ny fiaraha-misalahy nasehony.

Nandroso tolokevitra miisa 31, ao anatin'ny tatitra raikitra nataony ny MOE UE, mba ho fanampiana ny fanatsarana ny fisahana ny raharahan-pifidianana any aoriania.

#### Contacts MOE UE :

Volana Razafimanantsoa, attachée de presse : (+261) 034 67 840 70 / (+261) 033 67 427 36

Rivonala Razafison, assistant presse : (+261) 033 24 639 83 / (+261) 034 09 661 39

Site internet officiel : <http://www.eueom.eu//madagascar2013/>

Facebook : <https://www.facebook.com/MoeUEMadagascar2013>

Twitter : <https://twitter.com/MoeUEMadagascar>

Youtube : <http://www.youtube.com/user/MoeUEMadagascar2013/>